



Siège national

47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

SAP/KNPL/DVE/VFL

**Fampianaram-pinoana KRISTIANA MITOMBO AMIN'NY FAHALALANA SY NY FAHASOAVAN'I
JESOA KRISTY**

- Ny fitomboana : ivon'ny fampianaran'i Jesoa momba ny Fanjakan'ny lanitra (ohatra Matio 13 momba ny mpamafy, ny voatsinapy, ny masirasira).

Ny hafatra nataony tamin'ny mpianatra dia ny hampitombo ny ambaindain'ny Fanjakan'Andriamanitra ety an-tany (Mt 28.19-20).

- Ny fitomboana kristiana : anisan'ny votoatin'ny fampianaran'i Paoly koa.

- Ny petrakolana (problématique) mitady famoaboasana: Inona no atao hoe Kristiana mitombo; ahoana ny fomba ahatsapana izany? Inona no fitaovana hanatontosana izany?

I. NY FITOMBOANA

A. JESOA :

Niainga tamin'ny zava-misy teo amin'ny fiainana andavandro hatrany ny fampianarany Kazarany telo amin'izany fara-fahakeliny no nentiny nanazava ny atao hoe: mitombo:

(1) **Ny voa afafy** (Mt 13.3-8, 18-23): ny nafafy teny amin'ny tany tsara ihany no nitondra vokatra, fa ireo sisa: lanin'ny voromanidina, maty, na nitsipozipozzy noho ny antony samihafa.

(2) **Ny voatsinapy** (Mt 13.31-32): Ny voa kely indrindra, nefo rehefa naniry dia lasa hazo midoroboka ialofan'ny voromanidina. Azo ilazana ny fitombon'ny vahoakan'Andriamanitra ety ivelany: misandrahaka manerana ny vohitra sy ny tany rehetra. Niainga tamin'ny kely indrindra ny fanjakan'Andriamanitra (Fiangonana), nefo vetivety dia nitombo (Ohatra vokatry ny Pentekosta: niainga tamin'ny olona an-jatony, lasa 3000, 5000, ary nanenika an'l Asie Mineure sns...). Mampitolagaga! Fanirahana napetraka rahateo ny hoe: **Ataovy mpianatra ny firenena rehetra**. (Catholicité na universalité de la mission)

(3) **Ny masirasira** (Mt 31.33): Ny masirasira kely (levain) nafangaro tamin'ny koba dia nanova miandalana ny endrika sy tsiron'ny mofo. Ohatra tamin'ny Pentekosta : olona 3000 no niova fo noho ny asan'ny Tenin'Andriamanitra notorin'l Petera, ary natao batisa sy nandray ny Fanahy Masina. Ity karazany

fahatelo ity izany dia fitomboana avy ao anaty manova ny maha-olona manontolo.

B. PAOLY:

Nanan-toerana lehibe tao amin'ny fampianaran'I Paoly koa ny fitomboana.

- Anisan'ny nanaitra sy nanohina azy mafy ny tsi-fitomboana tamin'ireo kristiana tao Korinto, izay nijanona ho zaza ara-pinoana: **Ronono no nomeko anareo tsy ventin-kanina, satria tsy mbola natanjaka hianareo, eny mbola tsy matanjaka mandraka ankehitriny aza.** (1Kor. 3.2). Marihina fa tsy lafiny mitovy no nandraisan'I Kristy sy Paoly ny fahazazana: amin'I Jesoa, ny fahazazana dia midika ho fahatsora-po, fiankinana sy fitokiana tanteraka ny Ray, lafiny fitsipi-piaianana; Paoly kosa dia njery ny fahabangana, harefosana, sy ny tsy fahampiana eo amin'ny zaza: noho izany mila fitaizana sy fanolokoloana, fototra iankinan'ny fitomboana. Ny lafiny fitomboana anaty (masirasira) no iompanany voalohany indrindra.

II. MITOMBO AMIN'NY FAHALALANA

A. Hoy ny tenin'I Jesoa maniraka: *Koa mandehana hianareo dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra.*(Mt 28.19). Andraikitra mipetraka amintsika kristiana rehetra izany, indrindra ireo atao hoe tompon'andraikitra na mpiandry ny ondry. Mitovy amin'izany ihany ny voalaza ao amin'ny Marka: *Mandehana any amin'izao tontolo izao hianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olona rehetra* (Mc 16.15). Andraiktra amaritana ny Fiagonana (FPMA: manao asa misiona) izany.

➔ Tsy mitoetra fa mandeha (movement): izany no asa misionera.

Mopianatra: Olona nanapa-kevitra hanaraka an'I Jesoa. Mahatsiaro fahabangana eo amin'ny fiaianany ➔ Te-hanovo fahalalana, hahatonga azy hanakaiky arak'izay azo atao ny fahafenoana. ➔ **mila mpampianatra (sady manoro lalana no modely alain-tahaka)**. Tamin'ny andron'I Jesoa, anisan'ny fomba fampianarana mahomby ny fandrisihana ny mpianatra haka tahaka izay lazaina ay ataon'ny mpampianatra).

B. PAOLY:

1. Ny **laharam-pahamehana** aminy dia ny fitomboana (tsikelikely?), miala amin'ny fahazazana amin'ny alalan'ny fitaizam-panahy (éédification) amin'ny tenin'Andriamanitra: *Aoka ny tenin'I Kristy hitoetra betsaka ao aminareo amin'ny fahendrena rehetra, dia mifampianara ka mifananara amin'ny salamo*

*sy ny fihirana ary ny tononkiram-panahy, mihira amin'ny fahasoavana ao amponareo ho an'Andriamanitra (Kolos. 3.16). Ny tenin'Andriamanitra no mampianatra, manoro lalana, , mameleona, mampitombo ny finoana. Ny tanjona amin'ny fitomboana kristiana dia ny hahatongavana ho **olon-dehibe**, matotra ara-pinoana, *mba tsy ho zaza intsony isika ka ahilangilana sy atambolimbolin'ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra (...)* (Efes. 4.14). Kristiana mari-pototra, afaka amin'ny ronono ka efa omena ventin-kanina.*

2. Misy **fenitra** ijoroana, vina atao vainedohan-draharaha hirosoana amin'izany fahamatorana ara-pinoana izany dia ***ny fahalalana an'I Kristy***. Io no heverin'I Paoly ho ny lehibe indrindra amin'ny zava-kendreny, ka tsy hisy hahatarika azy hiala amin'izany. Nafoiko noho ny amin'I Kristy hoy izy izay rehetra noheveriko ho tombotsoa (sosialy, ara-pivavahana) azoko tamin'ny naha-jiosy ambony (parmi l'élite juive) ahy, eny tokoa *fa ataoko ho fantianoka avokoa ny zavatra rehetra noho ny fihoaran'ny hatsaran'ny fahalalana an'I Kristy Jesosy Tompoko (...)* *ka ataoko taimboraka ireny mba hahazoako an'I Kristy.* (Filip. 3.8).

Fanontaniana: moa tsy efa nifanehatra sy nahafantatra an'I Jesoa teny andalaben'I Damaskosy va Paoly? Marina izany, nefo te-hiroso bebe kokoa amin'ny fahalalana an'I Kristy izay (**plus personnelle, plus intime**). Fahalalana Maheraka sy manova ny lafim-piainany rehetra, ahatsapany ao anaty ny fiombonana amin'ny fijalian'I Kristy sy ny fahafatesany ary ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty. Ny fahalalana an'I Kristy dia firaiana tanteraka Aminy.

. Fanamby apetraka amin'ny Kristiana sy Fiagonana amin'izao andro iainantsika izao izany: te-hanana experience personnelle amin'I Jesoa sa hianina amin'ny ara-tsaina sy fahalalana fotsiny i ➔ Raha ekentsika fa velona Jesoa, inona no fiantraikan'izany eo amin'ny fiaintantsika ?

3. Ny fomba hanatrarana io fenitra io

Miteny ho azy izay voasoratra ao amin'ny **Filipiana 3.12-14**:

Milaza amm-panetren-tena I Paoly fa lavitra ny fahatanerahana (perfection): lavitr'ezaka sy sarotra ny lalana halehany; kanefa tsy kivy ambony ihany izy. Sarin-teny sportifa no entiny hilazana izany lalana izany: **fifanalana hazakazaka**, tsy samy mandeha sy manao izay tiany, fa misy **zotra** arahina sy **marika** tratrarina, ary misy loka homena izay maharitra hatramin'ny farany ka mandresy... Ny paik'ady: tsy mitodika any aoriania fandrao manina ny tongolon'i Egypta ka te-hiverina ilalana, fandrao voarindrina na voagejan'ny lasa. Iray ihany

ny safidy mitondra ho amin'ny fandresena: *manadino ny zavatra ao aoriania, ka miezaka hanatra izay zavatra eo aloha, eny hiezaka hanatratra ny marika aho hahazoako ny lokan'ny fiantsoan'Andriamanitra any ambony, ao amin'I Kristy Jesosy* (and.14). Ary eto no apetraky Paoly ny toromarika anisan'ny mitondra ho amin'ny fitomboana: manaraka ny lalana izorany: *Aoka samy hanahaka ahy hianareo, ka diniho izay mandeha tahaka ny anananareo anay ho marika.* (and. 16).

Manana ny lanjany manokana eo amin'ny fiainan'ny Kristiana sy ny Fiagonana te-hiroso marimarina ho amin'ny fitomboana mari-pototra sy maharitra tokoa ity fampianaran'I Paoly momba ny fanalana hazakazaka ity: havela ny lasa ratsy sy ny fifandaniana tsy mampandroso rehetra fa hiara-dia hibanjina ny eo **aloha ka hiara-miroso, hihazakazaka hatratrarana ny marika sy hahazoana ny loka.**

III. MITOMBO NOHO NY FAHASOAVANA, MITOMBO AMIN'NY FAHASOAVANA

1. Hita taratra sy voalaza mazava amin'ity Filipiana 3.3-14 anefa fa raha ny herin'ny tenany irery dia tsy hahatratra ny tanjona na oviana na oviana izy. Misy anefa hery tsy azon'ny saina refesina ary tsy hay tohaina izay manosika azy handroso: io no ambarany hoe **fihazonan'I Kristy.** (and. 12). Kristy efa nihazona azy mialoha sy nitarika azy hahatratra ny tanjona. ==>Tsy misy fahamendrehana (mérite) avy amin'I Paoly manokana eto fa noho ny **fahasoavan'I Kristy** ihany no nahatonga azy handroso. Io fahasoavan'i Kristy io no hery, motera, fanoitra mitarika ny fihazakazahany, sy ny firosany hitombo amin'ny fahalalana an'i Kristy. Eo aloha ny Tompo (fa tsy manaraka avy aoriania) miantsy sy mampahery azy. Ary izanyfiantsoana izany dia mbola fahasoavany ihany.

2. Fahasoava-mahefá (active, efficace) ny fahasoavan'ny Tompo: Maheraka ny maha-olona manontolo, sy ny lafim-piaianana rehetra: (ara-panahy, ara-batana, ara-tsaina, ara-pivelomana...). Toy ny masirasira atao amin'ny mofo. Raha niteny ny lala-nombany nanomboka tamin'ny fifanenany tamin'ny Tompo teny ampanenjehana ny kristiana ka hatramin'ny dia misionera nanirahana azy I Paoly, dia loa-bolana hoe: **fa ny fahasoavan'Andriamanitra no na ha-toy izao ahy , ary tsy foana ny fahasoavan ato amiko** (1Kor.15.10):nofidiny sy nantsoiny izy ho **fiasana** hanambara ny anarany tamin'ny Jentilisa; nofidiny sy nantsoiny - tahaka ny nifidianany mpanompo marobe hafa koa - ho **mpiara-miasa Aminy** hikarakara sy handonaka ny tanimboly hampandrobona ny voa nafafy (1Kor 3.5-9). Tsy isika no nifyd an'I Kristy fa Izy no nifyd antsika ka niantso sy naniraka antsika mba hiasa sy hamoa, **noho ny fahasoavany irery ihany.**

Ny zava-dehibe tsy azo adinoina amin'izany rehetra izany dia izao: ny fitomboana dia asan'Andriamanitra. Betsaka ny "facteurs" izay heverintsika fa mampiroborobo ny voa nafafy sy ny asa sahanintsika, fa ny tena lehibe indrindra dia izao: ***Andriamanitra no mampitombo***. Izy no mampanjary ny voatsinapy kely indrindra ho tonga hazo midoroboka ialokalofan'ny vorona, sy mahatonga ny masirasira hampiakatra sy hampatsiro ny koba... Toy ny miteny ny Tompo hoe: ataovy tsara ny asa sy ny fikarakaranareo fa anjarako ny sisa rehetra, izaho no hampitombo sy hampamokatra ny vokatra. Izany no toky sy fanantenantsika. Tena sitraky ny Tompo ny fitomboana amin'ny lafiny rehetra, ka anisan'ny angatahiny amintsika ny mivavaka mba ho toy izany ny kristiana tsirairay sy ny fikambanan'ny vahoakan'Andriamanitra. Hoy mantsy Jesoa: *Be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy, koa amin'izany mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra, hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra.* (Mt 9.38). mila olona hiara-miasa Aminy hamory ny vokatra Andriamanitra, mila mpamafy,mpanondraka, mpanajary ao amin'ny saha.

3. Ny kristiana mitombo noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia miaina koa amin'izany fahasoavana izany, tahaka an'i Jesosy Zaza *nitombo tena sy saina sady nandroso fitia tamin'Andriamanitra sy ny olona* (Lc 2.52). Nitombo teo amban'ny Fahasoavana Izy. Toy izany koa ny kristiana tsirairay:

(a) nomen'Andriamanitra fanomezam-pahasoavana arak'izay niheverany avy ny tsirairay: ahazoany miasa ao amin'ny sahany, ary koa ahazoany mitombo amin'ny finoana eo amin'ny fiainany amin'ny lafiny rehetra. Manana endrika talenta izany matetika. Mariky ny fitomboana anaty ao amin'ny tsirairay ny mampitombo izany. (Mt 25.1424)

(b) ny fahasoavan'Andriamanitra no mitantana ny diantsika hiroso amin'ny fahamatorana. Sarotra sy mikitoantoana mateitka izany, mideza sy mahavalalanina ny fiakarana, nefy ny fahasoavan'Andriamanitra tsy mamela antsika hiverin-dalana na ho kivy. Hoy ny Tompo nampahery an'i Paoly niaritra ny mafy toy voan'ny tsilo ny tenany noho ny asan'I Satana: ***Ampy ho anao ny fahasoavako, fa ny heriko dia tanterahana amin'ny fahalemena.*** (2Kor. 12). Amin'ny fotoana izay mahareraka sy kivy anao indrindra no indro mampahatsiahys izany aminao ny Tompo, ary ny fitokianao izany dia mariky ny fitomboana tao aminao. Ataon'ny Tompo ny fomba rehetra hiaianao izany fitomboana izany, fa hoy Paoly: *Fa fantatrareo ny fahasoavan'I Jesosy Kristy Tomponsika, fa na dia nanankarena aza Izy dia tonga nalahelo noho ny aminareo, mba hampanankarena anareo ny alahelony.* (2Kor. 8.9)

Famaranana-Famintinana

(1) Ny fahalalana feno an'i Kristy no fenitra, ary izay no tena fitomboana kristiana, fahalalana izay midika ho ***fiarahan-dalana sy firaisana Aminy (reltaion intime)***. Hoy Paoly mamisaisa izany: ***Kristy Jesosy no fehizoro indrindra; ao Aminy no irafetan'ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masina ao amin'ny Tompo*** (Efes. 2.20b-21); ary koa: ***Izy no itomboan'ny tena rehetra*** (izay akambana sy ampiraisina tsara), ***noho ny fifanompoan'ny isan-tonony...*** (Efes. 4.16).

(2) Ny fizerana amin'izany fitomboana feno, sy fahamatorana izany dia tsy noho ny herin'ny tena na noho ny fahamendrehana manokana fa noho ny ***fahasaoavan'I Kristy*** niantso sy nihazona, ary nitarika ny mpino hizotra amin'izany lalana marina izany. Miaina sy mitombo eo ambany fahasaoavany isika; lasa ankohonan'Andriamanitra, iray ihany ao amin'ny Tompo, anjakan'ny fitiavana. Mikasika izany no ampitandremman'ny Soratra Masina ny mpino: ***mitandrema tsara fandrao hisy hiala amin'ny fahasaoavan'Andriamanitra; fandrao hisy fakamangidy mitsimoko hampikrontana, ka ho voaloto ny maro.*** (Heb.12.15)

- Ny tenin'Andriamanitra no loharonom-pahasoavana, fanilo manazava ny zotrantska, teny fiainana, sakafo mahavelona ilaina indrindra amin'ny fitomboana, ary ampirishan'ny Soratra Masina antsika mafy: ***fa tahaka ny zaza vao teraka dia maniria ny ronononm-panahy tsy misy fitaka, mba hitomboanareo amin'izany ho amin'ny famonjena, raha tahiny manandrana hianareo fa tsara ny Tompo.*** (1Pet. 2.2-3). Fitomboana mila faherezana, faharetana, fiorenana mafy, ary koa fanantenana: ***Miorena mafy, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo.*** (1Kor. 15.58).

Azy irery ny vonihahitra!

Past Charles RAKOTONDRA MANANA

Vaomieran'ny Foto-pinoana sy Litorjia (VFL)